RMDM

Hitarika kolikoly avo lenta ny fisian'ilay "fonds souverain" an'ny Filoha

Nitafa tamin'ny mpanao gazety teny Faravohitra ny talata teo ny RMDM, na ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara, tamin'izany no mbola namerenan'izy ireo ny fahitany ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana, izay tsy misy mandeha amin'ny laoniny, araka ny fanambarana nataony.

Fotoana lehibe tokoa ity satria dia vao manomboka ny taona 2020 isika ka heverinay fa tsara raha manao jery todika ny taona lasa 2019 iny isika, indrindra teo amin'ny dingana vita sy natrehin'ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara na ny RMDM izany, hoy ny fanambarana.

Hifantoka tanteraka eo amin'ny fomba fijerin'ny RMDM ny raharaham-pirenena ankehitriny sy fanehoana aminareo ireo porofo manambara fa mizotra any amin'ny làlana tsy tokony hizorany ny firenena amin'izao fotoana izao.

Fa alohan'izany dia tsara ny mampahatsiahy fa ny RMDM dia najoron'ireo antoko 21, izay tsy mitovy hevitra sy fomba fijery amin'ireo mpitondra amin'izao fotoana izao tamin'ny faha-6 Aogositra 2019. Manaraka ny làlampanorenana sy ny lalàna laharana 2011-013 momban'ny fanoherana sy ny antoko mpanohitra tamin'ny 9 Septambra 2011 ny fananganana ny RMDM. Amin'ny maha mpanohitra anay, dia efa nambaranay hatramin'ny fotoana nijoroanay fa hanao fanoherana mitondra soa ho an'ny vahoaka sy ny firenena izahay, ka noho izany dia zònay tanteraka ary harovan'ny làlampanorenana ny fitsikerana ny zavatra tsy mety ataon'ny fitondrana izay tsy mitondra vokatsoa ho an'ny firenena sy ny vahoaka Malagasy. Ny fitenenana sy ny tsikera ataonay dia tsy midika velively fa fanonganam-panjakana, fa arofanina kosa ho an'ny mpitondra, mba hitsinjovany hatrany ny tombontsoam-pirenena fa tsy ny tombontsoan'olombitsy fotsiny akory.

VOALOHANY : NY TANY TAN-DÀLANA SY NY DEMOKRASIA:

Efa nambaranay ombieny ombieny fa tsy voahaja ny demokrasia ary tsy mbola mipetraka eto ny tena demokrasia. Ny zava-misy niarahantsika nahita dia ny fikasan'ny mpitondra hanova ny lalàna momban'ny statut de l'opposition dia lalàna laharana 2011-013 tamin'ny faha 9 septambra 2011. Izy ireo ihany no navolavola sy nandany io lalàna io tamin'izany, ka rehefa hitany fa tsy mety aminy ankehitriny na dia mbola tsy nampiharina aza dia notadiaviny hovaina sahady.

Demokrasia sarintsariny no tiana hapetraka eto ary io ilay nolazainay hoe ataon'ny mpitondra "slogan politika" fotsiny izany demokrasia izany arak'izay maha mety amin-dry zareo. Atao daholo izay azo atao mba hanakanana sy tsy ahafahan'ireo mpanohitra, ny mpanao gazety, ary ireo olona tsy mitovy hevitra amin'ny mpitondra mba tsy haneho hevitra ankahalalahana. Ampiasaina ho herim-pamoretana amin'izany ny tafika sy ny polisy mba ho fiarovana ny tombontsoan'ny mpitondra fotsiny ihany, ka lazaina fa fihetsiketsehina mitarika korontana ny atao na dia mazava izao aza fa am-pilaminana no nanatontosana ireny fanehoan-kevitra ireny.

Eo ihany koa ny fanitsakitsahina ny làlampanorenana sy ny lalàna mifehy ny fifidianana. Hita ary hananana porofo maro fa nisy hala-bato sy fanaovana manipulations ny lalàna nandritr'ireo fifidianana nifandimby teto Madagasikara. Nisy ny porofo maro nentina tamin'izany fa dia nalaza moa ilay fitenena hoe "azo rasina fa tsy mitombina". Teo amin'ny fifidianana ben'ny tànana farany teo, betsaka ny halatra sy tsy fanarahandàlana, ka efa nentina eny amin'ny tribonaly miandraikitra ny ady amin'ny fanjakana ny raharaha, ka dia miandry isika izao raha toa ka hampihàra ny lalàna ny mpitsara, ka hitandro hatrany ny fahamarinana na tsia. Ny tena mampiahiahy ihany koa eo amin'ny fampiharana ny fanjakana tsara-tantana dia teo amin'ilay fandaniana ny lalàna mikasika ny toe-bola na ny loi des finances 2020 farany teo. Mampiahiahy ary mety hitarika any amin'ny kolikoly avo lenta ny fisian'ilay "fonds souverain", izay tsy fantatra marina ny hampiasana azy. Izany dia midika fa tsy misy fitantanana mangarahara na transparence eto amin'ny firenena.

FAHAROA: NY TSY FISIAN'NY FANDRIAMPAHALEMANA

Mandry tsy lavo loha ny Malagasy na ireo tantsaha any ambanivolo izany na ny vahoaka ety andrenivohitra. Manjaka ny tsy fandriampahalemana, ka lasa sakana amin'ny famokarana sy fampandrosoana izany, na ho an'ireo tantsaha izany na ho an'ireo mpandraharaha. Tsy hita soritra mihintsy ny ezaka nataon'ny mpitondra teo amin'ny lafiny fandriampahalemana. Nolazaina fa nomena fitaovana ny tafika sy ny polisim-pirenena kanefa tsy mbola hitan'ny vahoaka ny vokatr'izany fa mbola tsy fandriampahalemana aloha no manjaka manerana ny nosy.

FAHATELO : EO AMIN'NY LAFINY SOSIALY SY ARA-TOEKARENA

Araky ny nambaranay ombieny ombieny dia miaina ao anatin'ny krizy sosialy sy ara-toekarena tanteraka ny firenena. Latsaka ao anatin'ny fahantrana lalina ny ankamaroan'ny vahoaka Malagasy ary i Madagasikara aza moa dia an'isan'ireo firenena folo mahantra indrindra eran-tany amin'izao fotoana izao. Ny tena olana dia tsy laharam-pamehena ho an'ny mpitondra mihintsy ny miady amin'ny fahantrana fa dia ny fisehosehoana ivelany sy ny fampanantenana poakaty tsy misy farany no tena betsaka. Izany hoe tsy mifanojo mihintsy ny laharam-pahamehana ho an'ny vahoaka sy ny laharam-pahamehan'ny mpitondra. Vokatr'izany dia very fanahy mbola velona ny vahoaka fa toa tsy misy intsony ny fanantenana satria tsy misy mpijery intsony ny fahoriana mianjady amin'izy ireo.

Ireto no santionany amin'izany:

- Tsy mandeha amin'izay laoniny ny famatsiana rano eran'ny nosy ary tafiditra ao anatin'izany ny eto Antananarivo izay renivohitry ny firenena. Iaraha-mahita fa feno bidons jaunes milahatra eny amin'ny pompes eto Antananarivo. Zò fototry ny vahoaka ny fahazoana rano fisotro madio satria aina ny rano.

- Ny délestages dia tsy lazaina intsony fa efa isan'andro vaky izao. Zara raha misy 15% ny vahoaka no manana jiro ary izany aza dia tsy mbola mandeha tsara fa délestages lava izao. Madagasikara no farany indrindra eran-tany eo amin'ny tahan'ny vahoaka mahazo jiro (15%).

- Tsy misy ny famoronan'asa ho an'ny tanora sy ny vahoaka kanefa dia nodradradradraina fatratra tamin'ny fampielezan-kevitra fa atao laharam-pahamehana. Izany no mitarika ireo tanorantsika ho lasa dahalo ka mampitombo ny tsy fandriampahalemana.

- Tsy mandeha ny fanamboaran-dàlana izay atao hivezivezen'ny olona ary koa mba hahafahan'ny tantsaha mamoaka ny vokatra. Ny làlana vita teo aloha tsy misy nokojakojaina ka efa simba tanteraka ary betsaka ny tanàna no zary mitoka-monina, indrindra amin'izao fotoam-pahavaratra izao.

- Ny fampianarana ny zaza Malagasy dia tsy natao laharam-pahamehana fa natao fitaovana politika fotsiny nandritr'ireo fifidianana mifandimby teo. Mihevitra ve ny mpitondra fa atao izay aha-bado ny Malagasy, ka ho mora ny hanararaotana sy hampandriana adrisa azy ireo? Porofo mitohaka amin'ny tendany ny fidinan'ny tahan'ny fahafahan'ny mpianatra fanadinana tamin'iny taona lasa iny, indrindra moa ny fivoahan'ny laza adina mialoha tamin'ny fanadianana baccalaureat. Midika tsy fahaiza-miasa daholo ireny.

- Ny fahasalamana moa dia tsy nisy resaka mihintsy tamin'iny taon-dasa iny kanefa dia betsaka ireo vahoaka no tsy manam-bola hitsaboana ireo fianakaviana tsy salama. Tsy natao laharam-pahamehana mihintsy ny fanamboarana, ny fanavaozana, ary ny famatsiana fitaovana ireny CSB ireny, mba hitsinjovana indrindra indrindra ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza. Raha fehezina fohy dia tsy nahita fahombiazana mihintsy ny mpitondra tao anatin'izay taona voalohany nitondrany izay fa vao mainka aza nandatsaka ny firenena amin'ny fahantrana lalina izy ireo.

Nangonin'Isambilo

Ny Valosoa sy fakafaka

Fiainam-pirenena

Saro-toerana ny soatoavina Malagasy ankehitriny

Nisarika ny sain'ny mpandinika maro ny fanapahan-kevitra noraisin-dRajoelina sy ny fitondrany tamin'ny nanafoanany ny fifampiarahabana fanao isan-taona eny amin'ny lapam-panjakana noho ny antony ambarany ho fitsitsiana. Tena mitombina ve izany? Tsy eo amin'izay lafiny ara-bola akory no horesahana eto, fa mbola azo atao adihevitra tsara ihany koa anefa izany raha ny fikirakirana volabe ataon'ity fitondrana ity, sy ny nampiakarana ny anjara volan'ny eo anivon'ny prezidansa raha araka ny tetibolampanjajakana 2020 fotsiny ohatra no ambara. Ny fitondrana Rajoelina dia miseho mihambo ho manandratra ny soatoavina Malagasy. Mbetika aza izany aseho amin'ny fitafy isalorana eny imasom-bahoaka. Rehefa tena ifotorana tokoa anefa dia toa endrika ivelany ihany izany, fa tsy misy fiorenampaka amin'izay soatoavina maha Malagasy izay ny zavatra tanterahina. Ohatra iray lehibe amin'izany, izay nosinganin'ny avy eo anivon'ny rodoben'ny mpanohitra (RMDM) andro vitsy lasa izay, fa tokony ho sainina sy heverina mandrakariva ny fomba Malagasy tena malagasy rehefa amin'ny tonon-taona toy izao, dia ny fifanajana eo amin'ny zanaka sy ray aman-dreny amin'ny alalan'ny fiampiarahabana. Azo foanana ny fihinanan-kanina, hoy izy ireo, fa ny fifampiarahabana tsy tokony ho foanana velively. Midika izany ho an'ny mpandalina, fa anisany nanampy ny ezaka nataon'ny mpanjanatany frantsay fahiny amin'ny famongorana ny hasin'ny soatoavina Malagasy toy ny fanafoanana ny "fanandroana" izany fanapahan-kevitra izany. Ho an'ny maro ihany koa dia mametra-panontanina hoe : tsy mieritreritra ho raiamandreny ve izany ny filohan'ny repoblika Andry Rajoelina? ary manomboka amin'izao fitondrany izao ve izany no hofoanana amin'izay ny fiheverana ho raiamandreny ny mpitondra izay napetraka hatramin'izay? Ho zava-baovao tokoa izany ary mifandraika amin'ny ambarany mandrakariva ny amin'ny tsy vitan'ny teo aloha rehetra no ataony.

Tsy midika ho fivilian-dalana amin'ny fitondrana ny firenena izany? Tsy ny mpitondra ankehitriny velively no hanova hanamboamboatra araka izay itiavany azy sy mahametimety aminy ny soatoavina maha Malagasy ny Malagasy. Efa manongo-paka tanteraka ny vahoaka Malagasy izany, ka tsy hanana ny maha izy azy intsony izy any aoriana raha manohy izany lalan-diso izany. Ny ahiana ihany koa anefa ao anatin'izany dia ho soatoavina voaviraviran'ny kolontsaina avy any ivelany no hambolena sy hamaka lalina eto. Dia ho inona no hilazana ny taranaka any aoriana amin'izay fotoana izay? Mbola Malagasy ihany ve ?

Radafy